

FANAMPIANA MAHAGAGA

Velona ny tebitebinay teny an-tseranam-piaramanidina satria tsy mba mitovy tamin'ireo mpandeha hafa izahay fa foana ny valizinay. Navelanay tamin'ny namana notsidihanay mantsy ireo Baiboly nentinay. Raha hasaina hamoha ny entanay izahay dia ho sahirana satria ho fantatry ny tompon'andraikitra ny tsy maha-touriste anay, tsy mba mitondra fahatsiarovana ary hipetraka ny fanontaniana. Nandika lalàna izahay.

Tonga ny fotoana fisavana. Nivavaka izahay mba hizotra amim-pilaminana ny zavatra rehetra. Ny taratasy momba izany moa efa nomena anay. Tamin'izany indrindra, nisy lehilahy iray manao fitafian'ilay firenena, toa manam-pahefana, nanatona anay tamim-pilaminana.

- Avy aiza ianareo ary ho aiza ? Hoy izy. Namaly tsotra izahay
- Manaraha ahy, hoy izy.

Ary raha nahita ilay taratasy mbola tsynofenoinay akory izy dia nanao hoe : « Tsy ilainareo ity ». Gaga izahay kanefa nanaraka azy. Nandalo fotsiny ny toerana fisavana entana ary nandalo ny miaramila mpisava taratasy izanahy kanefa tsy nisy nahita. « Aza mijanojanona » hoy ilay mpitari-dàlana anay.

Raha mbola tsy azonay sary an-tsaina akory fa efa tafita soa aman-tsara izahay dia nanjavona ilay lehilahy nitaridalana anay. Feno fifaliana sy fankasitrahaha ny fonay.

MBOLA MANAO FAHAGAGANA HATRANY ANDRIAMANITRA

Heb 1 :14 « Tsy fanahy manompo va izy rehetra (ny anjely) nirahina hanao fanompoana ho an'izay handova famonjena ? »

Hafatry ny lanitra